

NY FEON'NY MPIOMPY TRONDRO

La Voix des (rizi)pisciculteurs

LVRP

Trimestrielle

EDITORIAL

Chers lecteurs,

Nous sommes heureux de vous adresser à travers ce journal nos meilleurs vœux pour la nouvelle année 2012. Que la réussite subsiste pour tous les représentants de la filière poisson dans les différentes actions que vous entreprenez !

Ce nouveau numéro de LVRP vous propose l'interview du président de deux associations de producteurs et de vendeurs d'alevins : Mr RAFALIMANANA Roger.

Contrairement aux autres parutions, les nouvelles des Régions d'Amoron'i Mania et de Haute Matsiatra auront une grande place dans la rubrique de l'appui à la profession, et leurs expériences en techniques piscicoles seront approfondies.

L'heure de l'ouverture de la période de pêche de cette nouvelle campagne 2011-2012 a sonné, et vous découvrirez également dans ce numéro les préparatifs d'un groupe de pêcheurs du Vakinankaratra pour ce grand évènement.

Enfin, pour les producteurs qui sont en pleine période d'alevinage et afin de bien préparer la vente de leurs alevins, des astuces leurs sont réservés dans la fiche technique de dernière page.

Bonne lecture et bon début d'année à tous.

L'équipe LVRP

SASINTENY

Ry mpamaky hajaina,

Faly miarahaba anareo tsirairay tratry ny taona 2012 ny gazety ary mirary soa. Ny fahombiazana anie no aoka hameno ny taona vaovao ho antsika mpisehatra rehetra amin'ny trondro, na akaiky na lavitra, eo amin'izay rehetra atao!


Andriamatoa RAFALIMANANA Roger no vahinintsika ka milaza ny momba azy sy ny fikambanana tarihiny izy eo amin'ny fiainan'izany famokarana sy famarotana zana-trondro izany.

Miova kely amin'ny mahazatra ity seho ity nohon'ny fandraisana anjara mavitrik'ireo avy ao Matsiatra Ambony sy Amoron'i Mania mampita vaovao sy maneho ny fahari-sihany eo amin'ny asa sy fomba fiompiana trondro.

Manaraka izany, mipaika ny oran'ny fisokafan'ny jono ho an'ny taom-piompiana 2011-2012. Araho àry ny fitantarana mivantana nanatrehana izany fotoa-dehibe izany teo amin'ireo mpanjono ao Vakinankaratra.

Ary eto am-pamaranana, mahazo torolàlana in-dray ireo mpamokatra zana-trondro any amin'ny pejy faran'ny fisy teknika. Hitanao ao ny fomba atao raha te-hanana na/sy hamarotra zana-trondro maro sy salama ianao. Ankafizo àry ny famakiana ny gazety ary mirary taona tsara fiantomboaka ho an'ny rehetra.

Ny ekipa LVRP



SOMMAIRE

- **INTERVIEW :** P. 2
Avec Monsieur RAFALIMANANA Roger
- **PARTAGE :** P. 3
VAKINANKARATRA
Mes premiers pas réussis
- **PROFESSION PAYSAN P. 6**
HAUTE MATSIATRA
Les femmes peuvent bien maîtriser la pisciculture
- **TÉMOIGNAGE :** P. 10
AMORON'I MANIA
Alliés de la rizière jusqu'à la table

Fiompiana trondro
Miaraka amin'ny
tantsaha



APDRA

Pisciculture paysanne
Antenne Madagascar
La Résidence sociale
Antsirabe-MADAGASCAR
Tel : (261) (20) 44 915 85
lvrp@apdra.org

NY FEON'NY MPIOMPY TRONDRO

Talen'ny fanoratana
(Directeur de la rédaction) :
Marc Oswald

Sary (Photos) :
APDRA antenne Madagascar

Tonia (Rédacteur en chef) :
Rabarijaona Tsiriharina

Kisarisy (Illustration) :
Razafindrakoto Christian
Randria Michel

Mpanoratra (Rédacteurs) :
Tantsaha (Les pisciculteurs)
Mpiara-miombon'antoka
(Les partenaires-organismes)
APDRA antenne Madagascar

Fanitsiana sy dika teny
(Correction et traduction) :
APDRA Antenne Madagascar

LES PARTENAIRES FINANCIERS

Projet
BVPI/SEHP



AFD



La Fondation
Air Liquide



Région Basse
Normandie



Région AQUITAINE



La Fondation
AnBer



Be ny sedra nodiaviny Fanantenana II sy ny CRUA voalaza eto ambany ary tsy vitsy ny ezaka mbola andrandrainy. Mahafaly ny gazety ny manolotra anareo ny filohany hanome ny andinindinin'izany amintsika etoana.



LVRP: Iza moa ianao, Tompoko ?

R.R: Ny anarako moa dia Rafalimanana Roger, manan-janaka efitra mianadaha izahay, monina ao Mahazina Fokontany Soamiasara Vakinfiasina, Kaomina Betafo. Eo amin'ny 45 taona aho ary mpamboly sy mpiompy ary 20 taona nampiterahana trondro karpa an-tanimbary. Nanomboka ny taona 2005 no voatendry ho filohan'ny fikambanana fanantenana II ny tenako. Ny fanantenana II moa dia fikambanana mpamokatra zana-trondro sy mpanatavy an-tanimbary. Ny tanjona moa izany dia mba entina hampandroso ny fiveloman'ny tsirairay ao anatin'ny fikambanana. Manana hetaheta ny ho kaoperativa izahay satria io no lalana hitanay fa hampitombo bebe kokoa ny lalam-barotra sy ny fiharian-karena. Manaraka izany, ny 2009 aho no voatendry ho filohan'ny CRUA, komity mpitantana ny famatsian-drano hamarotana zana-trondro eo an-tsenan'I Betafo. Foto-drafitr'asa nisy nohon'ny fiaraha-miasa niaraka tamin'ny APDRA sy ny kaomina Betafo. Ny tanjonay amin'ny ankapobeny dia hampitombo ny vola miditra eo amin'ny samy mpikambana. Tratra moa izany amin'ny fanatsarana ny fomba fiasa na eo amin'ny komity na eo amin'ny mpikambana hampaharitra ny fotodrafitrasa.

LVRP: Ao ny antony matoa filohan'ny fikambanana roa efa ho efitra taona mahery ianao. Azo lazaina aminay ve ny lalana nodiavinao?

R.R: Ao anatin'ny fiainam-pikambanana dia tsy maintsy misy ny mety sy ny tsy mety. Adidiko amin'ny maha-filoha sy fomba fiasako ny manana fandefarana sy mila mamaha olana rehefa ilaina izany noho ny fahasamihafan'ny olona oentina. Mila mahay mandanjalanja sy mibanjina lavitra. Tsy mora izany fa atao am-pitiavana. Nisy ny fiaraha-miasa tamin'ny APDRA nanomboka ny taona 2004. Nahazoana torolàlana nanatsarana hatrany ny fampiterahana trondro tamin'ny alalan'ny fiofanana, ny fijerena akaiky ny masombiby nanavahana ny tsara sy ny ratsy. Tsapa ny vokany ankehitriny. Nisy koa ny atao hoe namaliany ny hetaheta amin'ny tsenan-jana-trondro. Amin'ny maha-mpamokatra zana-trondro moa dia nisy ny fijaliana amin'ny resaka rano teo amin'ny tsenan-jana-trondro izay nampisy ny fiaraha-miasa aminay niaraka amin'ny kaomina sy ny servisiny ny jono eto an-toerana ary ny APDRA. Ny 2009, azo raisina ho ohatra koa ny fivelaranay niasa ary ny fiantraikan'ny fidiram-bola. Nisy ny fanentanana niaraka tamin'ny VFTV ny mpikambana hiroso sy hampihatra ny voly vary maro anaka, izay hitanay fa miaraka tsara amin'ny trondro sy ny fahazoana fiofanana amin'ny fanaovam-baksiny amin'ny fiompiana akoho gasy. Momban'ny tsenan-jana-trondro kosa dia mila miara-miasa amin'ny mpanarotra efa maherin'ny roanjato sy ny kaomina ary sampan-draharahan'ny jono. Ezahana noho izany ny mijery ny marimaritra kanefa tsy maintsy mibajina ny fampandrosoana ny maro an'isa. Manana tanjona ho kaoperativa koa izy io. Eo amin'ireo fikambanana ireo dia misy ny fandraisana anjara kely tsy maintsy atao na asa io na tsipaipaika na vola bebe ka mazàna eo no misy olana mampihisatra ny asa nefa ny fotoana tsy miandry.

LVRP: Araka ny hevitrao, inona no tena herin'ny fiompiana trondro an-tanimbary ao Betafo?

R.R: Raha oharina amin'ny faritra rehetra eto Madagasikara, ny tombon'ny fiompiana trondro an-tanimbary ao Betafo dia ny rano. Ao koa ny famokarana zana-trondro tsy be masokarena noho ny toe-tany masaka, mafana sy mahavokatra noho ny maha-tany volkanika azy. Fa tena tombon-dahiny be ny fisian'ny ray aman-dreny izay efa namokatra zana-trondro an-tanimbary tany ho any amin'ny 50 taona tany ary ny nifampitan'ny traikafa tsikelikely narahana fanatsarana taty aoriana.

LVRP: Raha manam-pikasana ny haharitra sy hivoatra, inona no to-rohevitrao ho an'ireo vondrona mpamokatra zana-trondro sy mpanatavy?

R.R: Misy torolàlana tsy mora nefa azo tanterahana tsara rehefa resy lahatra. Zava-dehibe ny manana tanjona mitombona sy mazava ary ny fananana toe-tsaina mahay mampandefitra ny fitiavan-tena diso tafahoatra. Ireo no zava-dehibe tsara iaingana araka ny hevitra raha tiana handeha sy haharitra ny fikambanana.

Plusieurs épreuves ont été vécues par Fanantenana II et CRUA. Nous avons le plaisir de vous présenter dans cette interview, par l'intermédiaire de son président, ses impressions dans la conduite de jeunes associations de producteurs et vendeurs d'alevins.

LVRP: Pouvez-vous vous présenter ?

R.R: Je me nomme Rafalimanana Roger, 45 ans, j'ai 4 enfants et habite Mahazina dans le Fokontany Soamiasara Vakinfiasina, Commune Urbaine de Betafo. Je suis un agriculteur et pratique la rizipisciculture depuis maintenant 20 ans. En 2005, j'ai été élu président d'une petite association de rizipisciculteur producteur et vendeur d'alevins dénommée Fanantenana II. L'objectif de cette association étant de développer les sources de revenus des familles membres producteurs d'alevins. Nous avons l'intention de passer en coopérative afin d'augmenter les possibilités de débouchés de nos produits. Depuis 2009, je mène un comité de pilotage de gestion d'un aménagement de vente d'alevins au marché de Betafo en collaboration avec l'APDRA et la Commune. Notre principal objectif est d'améliorer le revenu des producteurs et vendeurs d'alevins qui bénéficient de cet aménagement. Un objectif qui sera atteint à condition que le mode de gestion s'améliore, du côté du comité comme du côté des bénéficiaires. C'est la seule garantie de la durabilité dans l'utilisation de cette infrastructure.

LVRP: Vous êtes à la tête de 2 associations de producteurs depuis pas moins de 4 ans. Votre réussite à travers vos expériences a-t-elle un secret ?

R.R: Dans la vie d'une association peuvent exister des hauts et des bas. J'ai comme principe et pour devoir de ne pas réagir hâtivement et de résoudre les problèmes quand il le faut, étant donné que les caractères de chacun sont assez différents. Il faut savoir peser le pour et le contre, et anticiper. C'est loin d'être facile, mais pas impossible. Nous avons rencontré l'APDRA en 2004. Depuis, les conseils et formations sur la technique de production d'alevins en rizière nous ont aidés à améliorer nettement nos habitudes traditionnelles. Les géniteurs utilisés sont identifiés de près. Du coup, les bénéfices sur la production d'alevins sont palpables. En outre, nos besoins sur les conditions de vente d'alevins au marché ont commencé à être satisfaits par la construction d'un aménagement convenable. C'est donc une collaboration possible grâce à la coopération de la Commune et le service des pêches local. Avec VFTV, nous avons eu une occasion de plus d'améliorer nos revenus en adoptant le système de riz irrigués, compatibles avec des poissons, ainsi que le fait de pouvoir vacciner nos volailles sans faire appel aux techniciens. Sur la gestion de l'aménagement du marché d'alevins, nous avons à satisfaire plus de 200 producteurs/vendeurs, avec l'appui conseil des différentes entités comme la Commune, le service local de pêche, le service de la police dans la sécurité, le CSA, et l'APDRA. Nous sommes maintenant en cours de structuration en coopérative. Que ce soit avec Fanantenana II ou CRUA, des investissements personnels sont requis sous forme de main d'œuvre, cotisation ou participation symbolique aux activités. L'entretien de l'aménagement et la préparation d'une campagne de vente d'alevins traînent parfois à cause de ces aspects, alors que le temps défile...

LVRP: Selon vous, qu'est ce qui fait la force de la rizipisciculture à Betafo?

R.R: Comparé avec d'autres zones de Madagascar, en tant que terrain volcanique, les atouts de la rizipisciculture à Betafo sont l'abondance en eau et la fertilité du sol. Ce sont des points importants car ces potentialités nous permettent de produire des alevins à faible coût. Mais surtout historiquement, nous avons hérité de la production d'alevins en rizière de nos parents voilà une cinquantaine d'années de cela. Et encore aujourd'hui, nous avons la chance de pouvoir améliorer cette pratique et continuer à pratiquer de la rizipisciculture, qui est d'ailleurs parmi notre principale source de revenu.

LVRP: Avez-vous des suggestions pour les nouveaux groupements qui se veulent être fonctionnels et durables ?

R.R: J'ai deux suggestions, assez difficiles, et qui demandent de la conviction dans sa réalisation : savoir se positionner sur un objectif clair et fondé, et être conscient qu'avoir trop d'égoïsmes détruit.

VAKINANKARATRA

SANTATRA AM-BAVARANO

*RANAIVOARISOA Barissone
Ampandrotrarana
Vinaninkarena*

Hafaliana lehibe ho ahy ny mifampizara amintsika mpamokatra ny dingana narahiko teo amin'ity sehatry ny fikirakirana trondro ity. Sambako ny namarotra zana-trondro aman'arivony. Indro zaraiko aminao ny fiomanako amin'izany.

Azoko ambara fa zava-dehibe teo amin'ny fiainako izany satria fony kely aho no efa nanam-paniriana hikarakara trondro. Niezaka nanantanteraka izany faniriako izany aho teo amin'ny faha 16 taonako izay 22 taona amin'izao fotoana izao. Izany ezaka izany dia natomboko tamin'ny fakana atody trondro tany amoron-drano ka toy izao no fanaoko: naka anjavidy mba hatsatotsatoka any amin'ny sisi-morona ary arahina maso isan'andro. Rehefa misy atody io anjavidy io dia entina avy hatrany any an-tanim-bary no anafoizana azy. Nandritra ny 4 taona teo ho eo no niainako izany. Indrisky anefa tsy dia mahafam-po ny vokatra na teo amin'ny taham-pahafoizan'ny atody na teo amin'ny fitombon'ny trondro azo avy amin'izany.

Rehefa nandroso anefa ny taona dia nanomboka ny fiarahana miasa niaraka tamin'ny APDRA/BVPI ny taom-pamokarana 2010 – 2011 izay nanatsara ny vokatra. Sehatra maro no nodiavina sy nahazoana fiofanana dia ny fanatavizana, ny fanavahana ny reninondro sy ny lahitondro ary ny fampiterahana. Ka ity farany no andeha hoarahina. Raha vao nanomboka ny fampiterahana trondro aho dia ny hamarotra zana-trondro avy hatrany no tonga tao an-tsaina. Raha ny taona voalohany dia azo lazaina fa tsy dia nahafampo ny vokatra ka tsy nivarotra afa-tsy zana-trondro 700 ary ny fitambaran'ny vokatra azo dia teo amin'ny 1700 teo ho eo. Tamin'ity taom-pamokarana ity anefa dia azo lazaina fa nitombo ny vokatra rehefa nitombo araka izany ihany koa ny traikefa satria, 2000 eo ho eo izao no efa namidy, teny amin'ny mpanatavy Fokontany Tsaratanana Kaominina Vinaninkarena, ankohatra izay mbola tavela any an-tanim-bary.

Raha teo amin'ny lafiny fitaterana sy ny famarotana ny vokatra dia somary nanahirana nohon'ny maha-mpanavao ny tena na dia nisy aza ny fiomanana teo amin'ny lafiny ara-pitaovana toy ny sobika hatao fanatobiana, ny siô, ny karakara famoahana, ny kitapo plastika, sy ny lafiny ara-teknika toy ny famoahana zana-trondro iray andro mialohan'ny fitaterana na ny fomba famoahana zana-trondro na ny fanisana indrindra fa ny fitaterana.

Koa satria mbola madinika ny zana-trondro nentina dia 2100 noentina tamin'ny rano 18l ary nosoloina rano isaky ny 15mn teo ho eo. Ny fanoloana rano anefa dia miankina amin'ny toetran'ny zana-trondro ka rehefa nanomboka nitady oksizena eny amin'ny faritra ambon'ny rano izy dia tsy maintsy soloina ny rano mba ialana amin'ny fahafatesany. Vokatry'izany, tamin'ireo 2100 nentina dia 15 no maty. Fitaterana voalohany nahitam-bokatsoa.

VAKINANKARATRA

MES PREMIERS PAS REUSSIS...

*RANAIVOARISOA Barissone
Ampandrotrarana
Vinaninkarena*

Chers lecteurs, je suis ravi de vous présenter mon parcours dans le domaine piscicole. J'ai eu récemment une première expérience en vente de milliers d'alevins dont voici les préparatifs.

J'ai depuis toujours eu l'intention de travailler dans l'élevage de poissons. J'ai donc essayé de réaliser mon rêve vers l'âge de 16 ans en commençant par prendre des œufs de poissons dans la rivière avec des kakabans en « redretra », puis de les faire éclore en rizières. J'ai pratiqué cette technique pendant 4 ans, mais malheureusement le résultat n'a pas été satisfaisant, autant en ce qui concerne le taux d'éclosion que pour la croissance des poissons.

Quelques temps plus tard, j'ai débuté la collaboration avec l'APDRA par des formations dans divers domaines piscicoles : sélection des géniteurs, grossissement et reproduction.



Barissone au comptage minutieux des alevins à la vente

A propos de cette dernière, dès que j'ai commencé l'alevinage, ma première idée était la vente. Ma première saison n'était pas satisfaisante, car on a vendu que 700 alevins sur les 1700 produits. Cette saison, la production a été augmentée grâce à mon

expérience. En plus des alevins restés dans la parcelle d'alevinage, 2000 ont déjà été vendus auprès des grossisseurs de Tsaratanana Commune Rurale Vinaninkarena.

Malgré une bonne préparation du matériel indispensable (« sobika », seaux, tamis...), la pêche et le transport des alevins ont été difficiles.

En effet, la pêche des alevins un jour avant le transport était nécessaire pour les mettre à jeun.

En ce qui concerne le transport proprement dit, 2100 alevins ont été véhiculés dans un volume 18L d'eau. Un renouvellement de l'eau toutes les 15 minutes était effectué pour l'oxygénation, et une quinzaine d'alevins seulement ne sont pas arrivés vivants au point de livraison.

Ce premier transport d'alevins a donc été une réussite, et ce en partie grâce à l'appui technique de l'APDRA, qui m'a aussi permis d'élargir mon expérience.

VAKINANKARATRA

HO TAONA ZINA NO FANIRIANA

APDRA

Na ny tanora erotrerony na ny efa lehibe nahazohazo taona, ny mpi-kambana rehetra dia samy somebise by miomana fatratra miandry ny fotoana hisokafan'ny rano. Indro mitantara ny fotoam-piandrasana izany teny amin'ny farihin'Andranobe, 10 kilaometatra avaratr'Antsirabe ary tantanan'ny kaoperativa FIFIMPAVA ny lahatsoratra.

Ny 15 novambra teo, ho an'ny Vakinankaratra no fotoam-pivoahan'ny rano raha nihidy 2 volana izany. Ho an'ny kaoperativa FIFIMPAVA mpitantana ireo farihy 4 ao dia efa miantrana amoron-drano ny lakan'ny mpanjono mpikambana ao amin'ny VOI rantsa-mangaika fototra ao amin'ny kaoperativa FIFIMPAVA sampana Andranobe. Ora sisa isaina dia hisokatra ny fotoam-panjonoana taona 2011 – 2012 hoan'ny Faritra Vakinankaratra. Entina hanajana ny lalàna velona misy eto amintsika sy fandraisan'anjaran'ny mpikambana amin'ny fitandrovana ny tsy hahalany taranaka ny trondro izay tena fotom-piveloman'izy ireo.

Ao ireo mamarana ny keno-kenona ny simba amin'ny lakana: tapenina izay misy loaka atahorana hampiditra rano, ny goudron moa no akora mora sy azo ampiasaina hanatanterahana izany. Ao kosa ireo izay mamantsika ny fitoerana sy manamafy ny lakana fa hanomboka ny asa fihariana ; roa volana nitoerana tamoron-drano koa moa ireo lakana ireo koa dia ilaina tokoa ny fanamboarana sy ny fikojakojana azy mialohan'ny hidinana an-drano.

Satria mila fitantanana mangarahara dia fotoanan'ny fanamarinana ny adidy arabolany tsirairay koa io ka manara-maso ny mpitantanam-bola. Ho an'izay tsy nahavita ny anjara adidy mijanona hididy ety amorona ny lakany mandra-pahaefany izany trosa izany. Ny fanantenana sy ny faniriana dia mba ho tsara ny taompanjonoana amin'ity taona ity. Ny toetr'andro ihany moa no tena anton'izany. Ny azo lazaina aloha dia tsara ny andro androany, noho izany dia mino sy matoky ary mirary ny rehetra fa ho tsara toy izany ny taompanjonoana 2011.

Anisan'ny olana ho an'ny mpanjono mpikambana ihany koa ny asa atao mandritra ny roa volana hidin'ny rano. Eo indrindra no tombondahiny hoan'izy ireo amin'ny fiaraha-miasa amin'ny APDRA, satria dia sady hiompy trondro an-dobo sy an-tanimbary no hanarato izy ireo. Ny vokatra azo amin'ny fiompiana moa dia kendrena avoaka amin'ny fotoana fidin'ny rano. Hitohy ny asa amin'izay satria tsy mila miova zotram-pihariana izy ireo ary afa-ka hivarotra amin'ny vidiny tsara amin'ny fotoana hidin'ny rano.

VAKINANKARATRA

QUE LA NOUVELLE CAMPAGNE SOIT UN SUCCES

APDRA

Tous les membres pêcheurs, que ce soit les moins jeunes ou les plus vieux, se préparent à l'ouverture de la période de pêche. Nous vous présentons ci-après le déroulement de cet événement au lac d'Andranobe, à 10km au Nord d'Antsirabe, et qui est géré par la Coopérative FIFIMPAVA.

Pour Vakinankaratra, le 15 novembre était la date de l'ouverture officielle des pêches après 2 mois de fermeture. Les centaines de pirogues des pêcheurs membres de VOI sont rangées au bord du lac d'Andranobe. Le VOI est la structure de base de la Coopérative FIFIMPAVA, formée par 4 groupes de pêcheurs. Il ne reste plus que quelques heures avant l'ouverture de la campagne 2011- 2012, et cela pour tous les lacs de la Région du Vakinankaratra. La période de fermeture de pêche est une loi réglementaire dans les eaux douces à Madagascar. Pour la Coopérative, le respect du temps de fermeture des pêches est également un symbole de contribution à la protection de l'environnement aquatique, ce qui est également la raison d'être du VOI.

Quelques minutes encore avant l'annonce de l'ouverture officielle, certains finissent de réparer leurs pirogues et les consolident avant leur utilisation. Comme d'habitude, certains pêcheurs utilisent le goudron pour colmater certains trous et d'autres remplacent les anciennes planches de leurs pirogues. Ces réparations sont obligatoires étant donné que les pirogues sont restées deux mois sans activité sur les bords du lac.

A coté des pirogues, le comité d'administration du groupement coordonne et régularise les comptes de chacun des membres, avec un commissaire aux comptes. L'un des principaux objectifs de la coopérative est la transparence dans la gestion. Les membres ne peuvent utiliser leurs pirogues qu'une fois qu'ils ont réglé leurs devoirs envers la Coopérative. L'ouverture est enfin annoncée par les agents du service des pêches ! Les jeunes, les seniors, et tous les membres se lancent dans la nouvelle campagne 2011-2012. Le souhait de chacun est de faire une campagne fructueuse, ce qui est souvent dépendant du beau temps. Comme le temps est beau aujourd'hui, ils espèrent tous que la campagne 2011-2012 sera à l'image de cette journée.

Désormais, l'oisiveté résultant de la fermeture de la pêche est dissipée par un nouveau projet entamé avec l'APDRA. Cette collaboration leur permettra d'être à la fois pisciculteur et pêcheur. Ainsi, pendant la prochaine fermeture de la pêche, ils pourront écouler et gérer facilement leur production. Ces deux activités dans la même filière leur feront alors une bonne et régulière source de revenu.



Les piroguiers en test de leur pirogue

AMORON'I MANIA

**SOA FA TOJO ZANA-TRONDRO NY
MAITSO AHITRA**

*RAJOELISON Andriamady Philippe
CR Kianjandrakefina-Ambositra*

Anisan'ny tantsaha sambany nahazo fiofanana teo amin'ny fanalehibeazana trondro i Andriamady tao amin'ny sahandriaka Andriana. Milaza amintsika ny ezaka nataony eo amin'ny fiompiana karpa izy sy ny vola azony ho santatra.

Nitady toko ka sendra vato. Izany no azo amintinana ny fiaraha-miasa amin'ny APDRA tamin'ny alalan'ny tetikasa BVPI nanomboka nampiofana ireo mpamokatra ny 20 Jolay 2011 tao amin'ny EPP Andidy. Fiofanana voly ririnina ato amin'ny sahandriaka Soanirina, Distrikan'Ambositra. Fianakaviana iray, sefo fokontany, mipetraka manakaiky

ny barazy Andriana no mitantara ny ezaka vitany sy mitantara izany amintsika tantsaha namana momba ny fiompiana karpa.

«Nahita fahasahiranana izahay tantsaha amin'ny fikarakarana ny voly vary. Azo atao vadin'asa manamaivana izany ny fiompiana karpa; izany hoe sady lalao no harena. Hatreto dia eo amin'ny dingana fampiterahana zana-trondro no ilazako ny ezaka vitako. Asa tsy dia ilaina herin-tsandry mafy izy

fa dia fanarahana ireo toromariky ny teknisiana avy ao amin'ny APDRA no atao. Tombony lehibe ho anay aty ny fanananay rano maro ka tokony hahay hamolaka izany.

Izao tonon-taona izao aminay tantsaha no atao hoe "ny manam-be nahakely asisa, ny manankely nahalany ny azy". Dia fidiram-bola azo anetsenana izany ny vola nanditr'ity renin-karpa iray: zana-trondro 1800 eo no navoakany. Namidy 50 Ar ny iray tamin'izany, izany hoe 90 000 Ar no azoko. Nanampy anay mianakavy kely io vola io na eo amin'ny vidin-tsakafo na karama fiavam-bary. Efa nahafa-po ahy ny vitan'ny reni-karpa kanefa mbola maro ireo toro-marika azo hanatsarana ny vokatra tsy mbola narahako. Koa dia entanina isika namana hiroso fa nitady toko ka sendra ny teknisiana APDRA izahay».

AMORON'I MANIA

**LES ALEVINS DEPANNENT DANS LA
PERIODE DE SOUDURE**

*RAJOELISON Andriamady Philippe
CR Kianjandrakefina-Ambositra*

Andriamady fait partie des paysans qui ont reçu une formation sur le grossissement en contre-saison dans le bassin Soanirina. Famille du chef quartier et membre du barrage Andriana, il va nous raconter les efforts qu'il a faits pour l'élevage de carpe.

« Cherchant des trépieds, nous avons trouvé des pierres ». C'est ainsi que nous résumons la collaboration avec l'APDRA avec l'appui de BVPI, qui a débuté avec une formation en rizipisciculture le 20 juillet 2011 à l'EPP Andidy. En tant que paysans, nous subissions quelques difficultés sur la culture du riz. Pour y remédier,

nous l'avons associé à l'élevage de la carpe, et c'est alors devenu à la fois un plaisir et une richesse. Pour le moment, c'est l'alevinage qui bat son plein. C'est un travail qui n'a pas besoin de force, il suffit de suivre le conseil et l'indication des techniciens de l'APDRA. L'existence d'une source d'eau permanente est l'un des avantages de

notre périmètre, même si il faudra à l'avenir que nous la maîtrisions davantage.

Cette saison est pour nous ce que nous appelons « ny manam-be nahakely asisa, ny manankely nahalany ny azy ». C'est une alternative à nos sources de revenu en période de soudure. Un géniteur femelle nous a donné 1800 alevins qui ont été vendus à 50 Ar l'unité, ce qui nous a donc rapporté 90 000 Ar. Cet argent a servi à la famille au paiement de mains d'œuvre pour le sarclage. Ce résultat me satisfait déjà, mais cela peut encore s'améliorer. Je vous invite alors à faire de la carpe car nous avons cherché des trépieds et nous avons rencontré les techniciens de l'APDRA.»



Andriamady en comptant les alevins à vendre

MATSIATRA AMBONY

**AZON'NY VEHIVAVY FEHEZINA TSARA NY
FIOMPIANA TRONDRO**

*RAZANAKOTO Juliette
Mambra Union kaoperativa MVPT*

Mitombo hatrany ny fifanakalozana traik'efa eo amin'ny mpisehatra trondro. Tsy nijanona teo amin'ny fampiterahana sy fanatavizana ary ny varotra sy ny lamina toa ny mahazatra no nataon'ny komity mpitantana ny « union kaoperativa MVPT » Matsitara Ambony tamin'ity fa niditra lalina tamin'ny fitantanana ivon-toerana fivarotan'ny kaoperativa FIFIMPAVA ao Vakinankaratra sy ny fiompiana anaty fefy tao Ampefy Faritra Itasy ny 30 septambra ka hatramin'ny 02 oktobra 2011. 14 mianadahy no nahazo tombotsoa mivantana tamin'ny fanohan'ny AROPA.

Distrika dimy no nikatsahana ny fahalalana dia i Antsirabe I, foibe nifantohana tamin'ny lamina ara-pikambanana, ny famokarana sy ny fitantanana Farihy miaraka ary ny lamina ara-barotra ao amin'ny kaoperativa FIFIMPAVA ahitana ny mangarahara sy ny firindrana miteraka tombony ho an'ny mpikambana tsirairay. Ny distrikan'i Betafo, havanana amin'ny fampiterahana trondro araka ny fotoana itia- van'ny mpamokatra azy. Tao Miarinarivo, ny fiaraha-miasa eo amin'ny mpamokatra tsotra sy ny sampana fiompiana anaty rano ary ny orin'asa tsy miankina. Ny Distrikan'Arivonimamo nampisongadina ny fanajariana ahitana tahalaka mirefy 1m mahery, voafehin'ny kaontim-pitantanana. Ary farany I Soavinandriana miavaka amin'ny fiompiana anaty fefy tantanan'ny vehivavy.

Nampisokatra ny sain'ny tantsaha io fitsidihina fifanakalozana io satria tena tsapa fa mampidi-bola ny trondro ary sehatra azon'ny vehivavy fehezina noho izy tsy mila sandry raha tsy rehefa hivarotra. Nahitana sombiny ny toerana malaza sy manan-tantara koa. Mangataka fiaraha-miasa amin'ny ONN Matsiatra izahay mba ahafahana miditra bebe kokoa eo amin'ny fanajariana ny toerana sy ny fanjarian-tsakafo. Tsy hijanona eo ny fitsidihana fa hotohizana any amin'ny APDRA Faritra Atsinanana ny vinavinam-pifanakalozana hijerena akaiky ny fanaovana fiompiana anaty dobo barazy mba ahafahana mampivelatra ny lalam-pihariana trondro.

HAUTE MATSIATRA

**LES FEMMES PEUVENT BIEN MAITRISER
LA PISCICULTURE**

*RAZANAKOTO Juliette
Membre de l'Union Coopérative MVPT*

Du 30 septembre au 02 Octobre 2011, s'est organisée une visite échange de MVPT de la Haute Matsiatra. Ce nouvel échange entre les acteurs piscicoles ne s'est pas seulement contenté d'évoquer les problématiques au niveau de la reproduction, du grossissement et sur la commercialisation, mais s'est focalisé sur la gestion du point de vente de la Coopérative FIFIMPAVA dans la Région de Vakinankaratra ainsi que sur l'élevage en cage appartenant à madame Hary, à Ampefy, dans la Région de l'Itasy. C'est donc 14 participants, membres du CA et des techniciens, qui ont bénéficié directement de l'appui d'AROPA.

Cinq districts ont fait l'objet de visite à cet échange :

- Antsirabe I, lieu de l'organisation associative, de production, de la gestion des lacs, et aussi de l'organisation commerciale de la coopérative FIFIMPAVA.

- (La transparence de la gestion et du bénéfice équitable des adhérents a été souligné),
- Le district de Betafo, spécialisée surtout sur la maîtrise de la production d'alevins selon le besoin dans le temps des producteurs,
- Miarinarivo, pour la collaboration entre les producteurs individuels, le service Etatique et l'organisme non gouvernemental,
- Le District d'Arivonimamo, qui s'est distingué par de nombreux aménagements piscicoles (ne citant pour exemple que de la diguette mesurant plus de 1 m !), ainsi que par l'application du compte d'exploitation.
- Et finalement Soavinandriana, qui s'est démarqué par rapport aux autres Districts par l'existence de l'élevage en cage gérée par des femmes.



Pêche de géniteur pendant la visite à Betafo

Cette visite-échange a éveillé la curiosité et un certain dynamisme auprès des paysans. Ils sont conscients que la pisciculture est une source de revenu, et également une activité pouvant être gérée par les femmes : elle ne nécessite pas trop d'effort physique, hormis à la vente. Nous adressons vivement une demande de collaboration à l'ONN de la Haute Matsiatra, afin de nous aider dans l'aménagement des parcelles et de parvenir à une certaine sécurité alimentaire. Le chemin est encore long, et l'échange ne s'arrête pas là : le prochain programme prévisionnel sera une visite à l'APDRA de la Région Atsinanana pour approfondir de près l'élevage en étang barrage. L'objectif final étant l'amélioration de la filière poisson de notre Région.

VAKINANKARATRA

**NY TSENABEN'NY FIOMPIANA:
OMBON'ANTOKA MAFY ORINA**

APDRA

Natao tao Antsirabe ny 10,11,12 novambra lasa teo ny tsenaben'ny fiompianan'i Vakinankaratra izay nokarakarain'ny Ministeran'ny fiompiana. Hita tao daholo ny ankamaroan'ny mpisehatra na akaiky na lavitra mahakasika ny seha-pihariana ara-piompiana. Ny APDRA, amin'ny maha-mpisehatra manana tanjona manatsara ny fiompiana trondro azy dia rariny raha nandray anjara amin'izany sehatra lehibe izany, nandritra ireo telo andro ireo. Trano eva telo eo amin'ny 27m² no nahasahana ny fampirantiana izay niarahana nialahy akaiky tamin'ny Kooperativa FIFIMPAVA. Naranty tamin'ny alalan'ny vata fitaratra ny karazan-trondro fahita eto Vakinankaratra : karpa, blaky basy, ti-



Pêche des poissons à vendre au stand

lapia nil, tilapia zilli sy trondro gasy. Fanazavana maro samihafa no miaraka amin'izany ho an'ny mpitsidika. Nalahatra manoloana ny vata fitaratra ireo karazam-biby fahavalon'ny atody sy ny zana-trondro ary ny trondro lehibe. Notehirizina anaty formol ireo mba ahafahana maneho mi-vaingana amin'ny olona ny endrik'izy ireny ka tsara fehezina (foza orana, tsikidireka, fangorinana, marohavana, sns.) Nampahafantarina ny mpitsidika koa ny fisian'ny trondro zana-tany «trondro mainty» sy ny fanazavana ny fitaovana fanafozana atodin-karpa amin'ny fomba arifisialy na ny «écloserie mobile» izay nahasarika ny mpitsidika tokoa. Farany, nahafahana naneho sy namarotra ireo trondro velona vokarin'ny kooperativa FIFIMPAVA (karpa, tilapia, blaky basy) sy ny sampan-draharaha foibe miadidy ny trondro (trout) ny vata plastika lehibe mahazaka rano 1000l teo amin'ny trano eva. Be ny tinady kanefa vetivety foana dia lany ireo trondro maherin'ny 40kg isan'andro, namidy 9000Ar/kg, nahazoana alalana ofisialy nohon'ny fotoam-pihidin'ny jono. Nanamarika ny fahalianany amin'ny fiompiana trondro tamin'ny fitsidihana ny trano eva ny Minitry ny Fiompiana noho izy miompy ihany koa. Nanararaotana nanomezana azy ny gazetin'ny mpiompy trondro moa izany fotoana izany. Azo lazaina fa tafita ny hafatra tian-komena ny mpitsidika nandritra ity foara ity. Hita liana amin'ny fiompiana trondro na ny kely na ny lehibe, na ny tan-drenivohitra na ny tantsaha. Nihamafy orina ny fiaraha-miasa eo amin'ny Sampandraharahan'ny jono sy ny kooperativa FIFIMPAVA. Mankafy sy mitaky kokoa ny trondro velona sy fanta-potra ny mpihinana nefa mbola tsy ampy ny vokatra. Ho fehin'ny, manana ho avy mamiratra ny sehatry ny fiompiana trondro saingy mila asa tsara tantana sy mifanaraka amin'ny filàna izany mba hampaharitra ny fampandrosoana atao.

VAKINANKARATRA

**LA FOIRE DE L'ELEVAGE:
RENFORCEMENT DES PARTENARIATS**

APDRA

Les 10, 11 et 12 novembre dernier s'est tenue à Antsirabe la foire de l'élevage du Vakinankaratra. Cette manifestation a rassemblé l'ensemble des acteurs participant de près ou de loin à la filière de la production animale. L'APDRA, en tant qu'opérateur pour l'amélioration de la filière piscicole, a bien sûr été présente pendant ces 3 jours. Deux stands ont été loués pour cette manifestation et, en partenariat avec la coopérative FIFIMPAVA qui avait également loué un stand, nous avons pu aménager un grand espace d'exposition (de l'équivalent de trois stands en tout, soit 27 m²). L'APDRA a installé un aquarium, dans lequel les différentes espèces de poissons que l'on peut élever étaient exposées : carpe, black bass, tilapias du Nil, tilapias zilli et carassin doré. Un affichage sur des panneaux situés au dessus de l'aquarium permettait au public d'identifier les différentes espèces présentées. Un échantillon des différents prédateurs des rizières conservés dans du formol était également accessible au public (écrevisse ambrée, nautile, serpent, scorpion d'eau...). L'écloserie mobile, accompagné de ses panneaux explicatifs, a suscité un grand intérêt auprès du public. Enfin, une cuve de 10 hectolitres permettait de stocker des poissons vivants, que la coopérative FIFIMPAVA vendait au public ainsi que l'exposition du poisson endémique malgache «Marakely à bosse». La demande était importante, et les 40 kg de poissons vivants que l'on ramenait chaque jour du lac Andranobe se sont à chaque fois vendus dans la matinée. En tout, plus de 100 kg de tilapias, trondro gasy et carpe se sont vendus au prix de 9 000 Ar le kilo. D'autre part, le stand de la DRPRH avait prévu de vendre des truites fraîches. Nous les avons donc ac-



**Visite des officielles avec Monsieur le ministre de l'élevage
Bary RAFATROLAZA**

compagnés dans cette tâche grâce à la cuve, qui a permis de conserver les poissons vivants jusqu'à la vente. Lors de la visite officielle, le ministre de l'élevage a eu l'occasion de venir dans notre stand et de discuter de la production piscicole. Le principe de fonctionnement de l'écloserie mobile lui a été présenté, et il a eu le plaisir de recevoir le dernier numéro de LVRP. Bref, une exposition réussie, avec une forte fréquentation sur ces trois journées de foire, et des partenariats avec la DRPRH et la Coopérative FIFIMPAVA renforcés. D'autre part, les questions posées par un grand nombre de personnes traduisaient l'attrait des consommateurs pour le poisson frais, et soulignait le manque d'offre de ce produit par rapport à la demande. La filière piscicole a donc de beaux jours devant elle, mais demandera un travail soutenu pour que son développement soit durable et adapté.

MATSIATRA AMBONY

**DINIK'ASA LALAM-PIHARIANA TRONDRO
IZAY NAHAVELOM-BOLO NY MPISEHATRA
MPIKAMBANA**

*Raboto Ifaliako
Teknisiana VFTM
032 80 555 03*

Ny Alakamisy 10 Novambra 2011 no notontosaina tao amin'ny tranon'ny tantsaha VFTM (Vondrona Fampanandrosoana ny Tantsaha Matsiatra Ambony) Anjoma Fianarantsoa ny " fivoriana lalam-pihariana trondro". Ny vovonana FITARIKANDRO, APPAFI, VONISAHY, VM4, MVPT no nandray anjara. Nojerena ny olana, naroso ny soso-kevitra ary nofaritana ny tanjona 2012 sy ny paik'ady mifanandrify amin'izany.

Lalam-pihariana mampidibola ny trondro ary mbola malalaka ny tsena raha ny eto amin'ny renivohitr'i Matsiatra Ambony no resahina. Tsy ampy ny tolotra nefa misy ireo vokatra mihitsoka any amin'ny toerana lavitra. Misedra olana ny mpiompy amin'ny varotra noho izany. Eo koa ny halatra, ny fikorontanan'ny toetrandro izay misy fiantraikany amin'ny famokarana zana-trondro sy fanatavezana ary ny tsy fisian'ny fanohanana ara-tekinika ho an'ny mpisehatra sasany.

Nojerena sy nodinihina miaraka ny paik'ady fanamafisana ny tekinika, fampitomboana ny velaran-tany hamokarana, ny fampitaovana, fametrahana ivon-toerana hivarotana ary ny fanatsarana ny taranaka trondro entina hampivelarana sy hampiroboana io lalam-pihariana io. Nofaritana ny andraikitra sy ny zara asan' ny tsirairay: VFTM, DIREL, Plate forme trondro sy ny mpiara-miombon'antoka samihafa satria mila mifampitantana sy miara-mandroso. Tsapa fa niteraka fanantenana lehibe ho an'ireo mpisehatra trondro ny dinik'asa natao ka tokony hotohizana sy hozohian'ny VFTM.

HAUTE MATSIATRA

**ATELIER SUR LA FILIERE PISCICOLE
ENCOURAGEANT LES ACTEURS MEMBRES**

*Raboto Ifaliako
Technicien VFTM
032 80 555 03*

L'atelier sur la filière piscicole à eu lieu le jeudi 10 Novembre 2011 à la maison des paysans VFTM (Vondrona Fampanandrosoana ny Tantsaha Matsiatra Ambony) à Anjoma. Les Associations ayant participé sont : FITARIKANDRO, APPAFI, VONISAHY, VM4 et MVPT. Les axes de débat se sont fondés sur l'identification des problèmes actuels, les propositions préconisées, l'élaboration d'objectifs pour 2012 ainsi que sur la détermination des diverses

stratégies appropriées.

La pisciculture est une filière porteuse, dont le marché ne cesse de s'élargir (avec peu de concurrence) dans les villes de la Région Haute Matsiatra. L'offre ne recouvre pas la demande. Cela explique que les poissons grossis sont consommés dans les zones enclavées, avec des accès difficiles. En outre, les vols persistent, le changement climatique crée une baisse de production d'alevins et du grossissement, et certains producteurs ne bénéficient pas de l'appui technique.

L'atelier a permis de visualiser et de débattre ensemble sur la stratégie de renforcement technique, l'augmentation de la surface à produire, l'équipement, la mise en place d'un point de vente et sur l'amélioration génétique des poissons afin d'élargir et développer la filière. On a défini conjointement les rôles et les responsabilités de chacun: VFTM, DIREL, Plate forme piscicole et les différents partenaires Etatique et non gouvernementaux car il faut se donner la main et avancer ensemble. Enfin, il est constaté que l'atelier a généré une lueur d'espoir pour les opérateurs piscicoles, et il se doit donc d'être continué et suivi par la VFTM.



Mirary soa ho anao amin'ity taona 2012 ity
Meilleurs vœux pour l'année 2012

MATSIATRA AMBONY

TELEFOOD SY NY ANDRO IRAISAM-PIRENENA
HO AN'NY SAKAFO

*Rtoa Eliane RASOARAHONA
Lehibenn'ny sampana fandraharana sy mpiasa
DRDR Matsiatra ambony*

Ny 15 oktobra no fankalazana ofisialy ny téléfood sy ny andro iraisam-pirenena ho an'ny sakafo nefa araka ny lamina nomen'ny Ministera mpiahy sy ny fanomezan-dalana ny tomponandraikitra mpikarakara dia ny zoma 21 oktobra 2011 ny fanatanterahana teto Matsiatra ambony.

Ireo Ministeran'ny fambolena, fiompiana ary ny jono no voakasik'ity sehatra ity izay notanterahina niaraka tamin'ireo mpiara-miombon'antoka samihafa toa ny AROPA, PROSPERES, SAHA Betsileo, FRDA. Voasahana indrindra ny Faritra noho ny fankalazana natao teo an-toerana. Tao amin'ny renivohitr'i Matsiatra no natao raha tany Ambalavao tamin'ny taona lasa.

Téléfood: fanangonana vola hamatsiana tetik'asa mikasika ireo sehatr'asa telo voasahana dia ny fiompiana, fambolena ary ny jono ao amin'ny Faritra ka Andriamatoa

Talen'ny DRDR no mitarika izany. Anisan'ny mpahazo tombotsoa tamin'ny vola voaangona ka namaliana tetik'asa ny sehatra trondro tantanan'ny vondrona teknisianina ao Ampamahe-rana ny taona 2009. Marihana fa ny lalam-pihariana trondro dia anisan'ny lalam-pihariana tena tohanan'ny FAO.

Ny andro iraisam-pirenena ho an'ny sakafo mba hantananana ny mponina amin'ny fanjarian-tsakafo iarahana amin'ny FAO sy ny ONN.

16 ny trano eva tamin'ity taona ity izay nahitana ny APDRA/ union koperativa MVPT sy APPAFI, ny sehatra tantely, ny akoho sahanin'ny ferme TSARA ATODY, Miara-mandroso avy ao Talata Ampano, Guanomad, ny masomboly CRAM sy ireo vokatra voahodina isan-karazany avy amin'ny voankazo sy ny legioma .

Isaorana ny lalam-pihariana rary tonga nanamafy ny het-sika na dia tsy tafiditra ao anatin'ireo lalam-pihariana voasahana.

Raha ampitahaina amin'ny taona lasa, dia nihena ny isan'ireo mpandray anjara tamin'ny fampirantiana ny vokatra noho ny antony tsy fisian'ny tohana ahafahan'ireo tantsaha hamonjy ny renivohitry ny Faritra. Saingy nitombo kosa ny vola voahangona izay mitentina 1 042 610 Ar Anisan'ny nampihena ny mpandray anjara dia ny tsy fahafahan'ny ONN nandray anjara tamin'ny fanampiana ireo tantsaha, kanefa dia tsapa fa manana anjara toerana lehibe izy ireo amin'ny sehatra fanjariana ara – tsakafo.

HAUTE MATSIATRA

TELEFOOD ET LA JOURNEE MONDIALE DE
L'ALIMENTATION

*Mme Eliane RASOARAHONA
Chef de service administratif et personnel
DRDR Matsiatra ambony*

La célébration officielle de la journée mondiale de l'alimentation était normalement fixée au 15 Octobre. Mais pour une meilleure réalisation, la date du 21 octobre a été choisie pour la Région de la Haute Matsiatra par le Ministère tutelle et les responsables de l'organisation.

Les ministères de l'agriculture, de l'élevage et de la pêche et la Région se sont concertés avec l'organisation et d'autres partenaires comme l'AROPA, PROSPERER, SAHA Betsileo, FRDA. Ils ont décidé d'effectuer la manifestation dans la ville de Matsiatra (alors qu'elle était à Ambalavao l'année dernière).

Le Téléfood est un évènement de collecte d'argent pour financer des projets concernant les trois activités que sont l'élevage, l'agriculture et la pêche dans la Région. Il a été mené sous l'initiative du Directeur Régionale du

Développement rural. La station d'Ampamehe-rana, gérée par l'association des techniciens, pour la filière piscicole fait partie des projets ayant bénéficiés d'un financement l'année 2009. A rappeler que la pisciculture est parmi les filières appuyées par la FAO. La journée mondiale pour l'alimentation a pour but de sensibiliser la population à la nutrition en partenariat avec la FAO et l'ONN.

16 stands ont été montés pour cette année, par les organismes tels que l'APDRA, l'Union des Coopératives MVPT et l'APPAFI, la filière apiculture, avicole de la Ferme TSARA ATODY, Miara – mandroso du Talata ampano, Guanomad, Semences du CRAM et les autres produits de transformation des fruits et légumes.

Un remerciement est dédié à la filière vannerie qui a participé à l'évènement, même si elle n'est pas directement concernée par les activités mentionnées.

Le nombre de participant à l'exposition a diminué par rapport à l'année dernière. Le manque de soutien financier pour rejoindre la Région en est l'une des causes, tout comme l'ONN qui n'était pas disposé à contribuer pour l'assistance des paysans alors qu'elle a un rôle important dans le domaine de la nutrition.

Cependant, le montant collecté ce jour a augmenté par rapport au téléfood précédent, et s'élève à 1 042 610 Ar.



Préparation à la vente des poissons produits par les organisations paysannes

AMORON'I MANIA

Faly miharahaba antsika mpamaky ity gazety ity izahay miasa amin'ny APDRA aty amin'ny Faritra Amoron'i Mania. Nohon'ny fanohanana'ny tetikasa BVPI dia tanteraka vao tsy ela ny niasan'ny APDRA teto, ka ny misy anay raha mandalo aty ambositra ianao dia eto Madiolahatra ampitan'ny fitotombary Mamisoa sy ny fivarotan-tsolika Total ao ambonin'ny biraoan'ny ONN Ambositra. Tsy manana ambara firy izahay 3 lahy afa tsy ny hoe : « andao isika hiaraka hiasa hampan-droso ny fiompiana trondro ahazoan'ny tantsaha tombontsoa marina ». Ankoatra izay, aleo izy ireo no hilaza azy. Mandram-pihaona !

**“AN-TSAHA TSY MIFANARY,
MOA AN-TANANA TSY HIFANDAO”**

*RAZAFINDRAMANGA Bernadette sy
RALAINDEVO Daniel (Ndria)
Fokotany Soanirina
Kaomina Ambanivohita Kianjandrakefona*

“Hafaliana ho anay tantsaha aty Amoron'i Mania ny nahatongavan'ireo teknisiana avy amin'ny APDRA/BVPI manentana anay hiompy trondro karpa an-dobo sy eny an-tanimbary. Izahay aty moa efa mba niompy ihany saingy nampifangaro ny marakely sy ny karpa ka dia tsy nahitana vokany loatra fa nionona amin'iny rehefa nisy hohanina fotsiny.

Koa amin'izao fidiran'i APDRA aty aminay izao dia mino sy manantena izahay fa hisy tombotsoa ho anay ny fiompiana trondro satria tena manoro hevitra sy teknika tsara anay izy. Manome toky koa izahay fa tsy hiraviravy tanana fa hanao izay azonay atao satria ny soa ateriny aty anie tsy ho azy fa ho antsika tantsaha tsirairay. Koa dia manentana antsika tantsaha rehetra fa tena azo atao sy tanterahana tsara ny fiompiana trondro satria azo ampiarahana amin'ny fambolena vary tsara izy ireo. Ka ny sakafo sy ny laoka azo, moa ny vola hiditra, koa dia mazotoa aby e !

Manamafy izany i Ndria, santionan'ireo nahazo tombotsoa voalohany: “Nanomboka hatramin'ny nidiran'ny tetikasa APDRA taty aminay (Kaominan'i Kianjandrakefina), izay niresaka ny momba fiompiana trondro karpa dia nazoto sy nisy fihetseham-po tokoa izahay. Efa ela no niompy trondro ny olona taty fa ny marakely sy ny malemiloha no nahazo vahana. Koa manomboka izao ary dia ezahiko ho toy ireny koa ny fiompiana karpa. Ho vary sy trondro anie ny APDRA sy ny tantsaha, ka an-tsaha tsy mifanary, moa an-tanana tsy hifandao.”



Ramatoa Bernadette falifaly manana renintrondro

AMORON'I MANIA

L'ensemble du personnel de l'équipe d'APDRA Amoron'i Mania est ravi de saluer tous les lecteurs de ce journal. Si vous passez à Ambositra, surtout n'hésitez pas à faire un détour par notre bureau, qui se trouve à Madiolahatra: en face du décortiqueur Mamisoa et de la station d'essence Total, juste en dessus du bureau de l'ONN Ambositra. Le message que nous souhaitons faire passer est simple, et peut se traduire de la sorte : « Allons travailler ensemble pour améliorer la pisciculture afin que les paysans en profitent au maximum ! ». A part ça, on laisse les paysans nous faire part de leurs commentaires. A bientôt !

« ALLIES DE LA RIZIERE JUSQU'A LA TABLE »

*RAZAFIDRAMANAGA Bernadette et
RALAINDEVO Daniel (Ndria)
Fokotany Soanirina
Commune Rurale Kianjandrakefona*

C'est une joie pour nous paysans de la Région Amoron'i Mania d'accueillir les techniciens d'APDRA/BVPI qui nous ont animés dans l'élevage de la carpe en rizière et en étang. Nous en avons déjà élevé auparavant, mais en association avec le tilapia zillii, et on se contentait alors que d'une faible production.

Mais comme l'équipe de l'APDRA est maintenant chez nous, nous espérons et croyons que l'élevage de carpe sera bénéfique, puisque nous sommes désormais conseillés et que nous recevons les techniques de production. Nous pouvons déjà promettre que nous ne baisserons pas les bras et que nous ferons ce que nous pourrons. De

plus, le bien que cette équipe nous apporte ne sera pas pour eux mais pour chacun des paysans.

Nous invitons tous les paysans à faire de la rizipisciculture car ce n'est pas difficile et tous ceux qui ont de l'eau peuvent en faire. C'est à la fois un bon aliment pour la famille et un surplus de revenu. Alors, courage à tous !

M.Ndria complète: « Depuis l'arrivée de l'APDRA dans notre Commune (Kianjandrakefina) pour nous parler de

la rizipisciculture et de la carpe, nous sommes beaucoup plus motivés à la faire. La pisciculture existe déjà depuis longtemps chez nous mais ce sont surtout les tilapias zillii qui occupaient une place importante. A partir de maintenant, nous allons faire pareil avec la carpe ».

Que l'APDRA et les paysans soient comme le riz et la carpe qui ne se séparent ni en rizière ni à table.

AMORON'I MANIA

**HO TAFEVERINA NY
LAZAN'AMBONDROMISOTRA**

*RAZAFINJAZA Andriamampionona
Lefitry ny Ben'ny tanànan'Ambondromisotra*

Isaoranay be dia be ny ONG APDRA sy ny tetik'asa BVPI SE/HP izay misahana ny fiompiana trondro an-tanimbary sy ny fanampariahana izany ato amin'ny Faritra Amoron'i Mania. Isaoranay etoana koa ny fiaraha-miasa amin'ny kaominina Ambondromisotra izay nanana ny tantarany tamin'ny trondro teo aloha kanefa amin'izao fotoana izao dia efa lefy sy lao izany nohon'ny fahatotoran'ireo farihy voajanahary nisy tato.

Ankehitriny dia mbola mahabe fanantenana indray ary hahavelom-bolo ny « karpa » sy ny trondro maro samihafa ny fiomboan'ny haitaom-piompiana trondro hoentiny APDRA-BVPI SE/HP ary ny fahavitrihan'ireo mpamboly trondro an-tanimbary nohon'ny toerana manan-karena rano. Anisan'ny mpamokatra mpisehatra amin'izany aho amin'ny maha mpamboly vary ahy.

ETSY KELY ANGE E !

*MAMA BERTHE
Kaominina Soavina-Ambondromisotra
Distrika Ambatofinandrahana*

Tonga tao amin'ny Kaomina Soavina-Ambondromisotra Distrikan'Ambatofinandrahana, Faritra Amoron'i Mania ny fanohanana fiompiana trondro an-tanimbary ny volana may 2011. Nifanesy ireo fampiofanana. Mihoatra ny 800 ny karpa naporitaka eny an-tanimbary ho fampiharana.

Fiompiana trondro an-tanimbary no vontoa-tin-dresaka nanentan'ireo teknisianina APDRA/BVPI tamin'izay. Taorian'ny fanentanana dia tsy mba niandry ela intsony izahay fa tonga dia nikatoka ny fiofanana fiompiana trondro amin'ny andro ririnina. Trondro miisa 800 eo ho eo no nanaovanay fampiharana.

Azo tsapain-tanana mivantana ny fiompiana trondro iarahana amin'ny APDRA/BVPI aty Soavina Ambondromisotra, ny antony dia efa nahazoanay lahitrondro sy vavitrondro vonona nampiterahina tamin'ny taona ity izany. Tsy mba nijanona tamin'ny fiofanana sy torohevitra maro samihafa ny zavatra niarahana tamin'ity ONG ity fa mbola nisy ny fitsidihana narahina fifanakalozana traik'efa tamin'ny namanay efa za-draharaha tany amin'ny Faritra Vakinankaratra iny.

Zavatra maro no azonay hanamafisana ny fahaiza-manao izay efa ananay teo aloha, toy ny fahitana ny fampiterahana ivelan'ny dibo, tao anaty "écloserie mobile", ny zavatra tena nahatalanjona anay dia ny fahitana ny karpa manao ny fitsaihana mivantana, ny fahitana ny fikarakarana ny zana-trondro, ny fitehirizana ny renitrondro, ny fahitana ny tsenan-jana-trondro teo Betafo.

Misy hoentina hanatsara ny efa azo avokoa izany ka dia anjaranay no mandinika, "toy ny trafo-kena nomena mahery ka am-po mieritritra, am-bava homana". Eto am-pamaranana dia ny "SOA TOKOA no FIANATSA". Araho ny fampiofanana sy ny torohevitra ary ny fampianaran'ny APDRA raha te hahazo MAZDA.

AMORON'I MANIA

**LA CELEBRITE D'AMBONDROMISOTRA VA
REVENIR**

*Andriamampionona RAZAFINJAZA
Adjoint au maire d'Ambondromisotra*

J'adresse un grand remerciement à l'ONG APDRA et au projet BVPI SE/HP qui s'occupent de la pisciculture et de sa vulgarisation dans la Région Amoron'i Mania. Je remercie aussi la Commune Ambondromisotra qui avait autrefois une place importante dans la production de poisson, mais que la destruction des lacs naturels a fait diminuer énormément.

Mais dorénavant il y a de grands espoirs pour la production de la carpe et des autres espèces grâce à l'amélioration des techniques piscicoles apportée par APDRA. Les paysans (dont je fais partie) sont très motivés pour la pratique de ces techniques, d'autant plus que l'eau est maintenant revenue dans les parcelles.

DU CHANGEMENT!

*MAMA BERTHE
Commune Soavina-Ambondromisotra
District Ambatofinandrahana*

L'appui en rizipisciculture est arrivée dans la Commune de Soavina-Ambondromisotra District d'Ambatofinandrahana, Région Amoron'i Mania au mois de mai 2011. Des formations ont succédé. Plus de 800 carpes ont été empoissonnées pour la mise en pratique.

Avec l'animation de l'équipe de APDRA en partenariat avec BVPI, elle nous a parlé particulièrement de l'élevage de la carpe en rizière. Les paysans n'ont pas attendu longtemps et les formations ont eu lieu. Les résultats sont bien visibles et pour cause, à partir de ces 800 carpes, nous pourrions avoir des géniteurs mâles et femelles pour la reproduction de cette année.

La collaboration avec APDRA/BVPI ne s'est pas arrêtée uniquement aux suivis et formations sur les techniques piscicoles

car nous avons également effectué une visite échange dans la Région de Vakinankaratra durant laquelle on nous a présenté le fonctionnement d'une écloserie mobile et le fonctionnement des aquariums. Une descente à Betafo aussi a été faite pour voir le marché d'alevin et s'échanger avec les alevineurs de cette Région.



Visite échange des producteurs d'Amoron'i Mania dans le Vakinankaratra dont Mme Berthe au milieu

Tout cela pour dire que nous avons déjà toutes les cartes en main pour exploiter cette filière et c'est à chacun de nous d'être convaincu ou non dans sa pratique. « Toy ny trafo-kena nomena mahery ka am-po mieritritra am-bava homana ».

Pour finir, "SOA TOKO no FIANATSA". Suivez les formations et les instructions de l'APDRA si vous voulez avoir rapidement un MAZDA.

NY FAMINDRANA ATAO AORIAN'NY FAMPANATODIZANA - LE TRANSFERT DES ALEVINS APRES LA REPRODUCTION

Raha te-hahazo vokatra tsara, raha vantany vao mitsahatra tsara ny fanatodizan'ny karpa dia tsy maintsy atao ny famindrana ny reny sy ny rain-trondro na ny atody. Aoriana kely, ny famindrana ireo zana-trondro kely no tsy maintsy atao mankany amin'ny tanimbary hafa. Ity farany, izay fantatra amin'ny hoe famindrana na fitaizana zana-trondro voalohany sy famindrana na fitaizana zana-trondro faharoa no horesahintsika amin'ity fisy teknika ity.

Une fois la reproduction des carpes effectuée, un transfert des géniteurs ou des œufs s'impose. Puis, plus tard, c'est au tour des alevins d'être transférés dans les différentes rizières. C'est cette action, communément appelé premier transfert ou deuxième transfert et deuxième alevinage, qui est détaillé dans cette fiche technique.

Fôfoam-pamindrana Phase de transfert	Nahoana Pourquo	Rahoviana Quand	Fomba Comment	Toerana ivantanan'ny zana-trondro Parcelle de transfert
<p>Famindrana voalohany Premier transfert</p>	<p>Ahafahan'ny zana-trondro mahazo vahana kokoa eo amin'ny toerana sy ny ok-sizena ary ny sakafo</p> <p>Permettre aux alevins d'avoir plus d'espace, c'est à dire de l'oxygène et de l'alimentation en plus grand quantité</p>	<p>Eo amin'ny faha-7-10 andro nahatoizana, arakarakany ny hafanan'ny toerana, vantany vao misoka-bava ny zana-trondro (mirefy 1-2sm eo)</p> <p>Après 7 à 10 j d'éclosion selon la chaleur du milieu, dès que leur bouche s'ouvre (taille de 1 à 2cm)</p>	<p>Omano mialoha ny toeram-pamantanan'ny zana-trondro amin'ny fametrahana mololo hamokatra foto-tsakafon'izy ireo izany rehefa miha-lo anaty rano</p> <p>Préparez en avance la parcelle de destination en mettant en place les pailles de riz (sources de rotifère lors de sa dégradation dans l'eau)</p>	<p>- Raha akaiky : afaka ampanarahana ny rano tsimoramora ny zana-trondro</p> <p>- Si c'est proche : on peut faire circuler petit à petit les alevins avec le courant</p> <p>- Raha lavitra : Mba hahatomombana ny fakana ny zana-trondro dia tsy maintsy mila tamis na fanatavanana. Tsara raha amin'ny haroa plastika ny fitaterana azy ka 3/4 rano ary 1/4 zana-trondro. Tsy tokony soloina matetika ny harona hitondrana azy mba tsy ho teritery sy voaelingelina izy ireo</p> <p>- Si c'est loin : Pour une récolte réussie, utilisez obligatoirement un tamis. Transporter en sachet et le remplir au 3/4 d'eau et 1/4 de poisson car le sachet doit être peu chargé pour éviter que pendant le transfert les alevins ne soient trop compressés et stressés</p> <p>- Toerana eo amin'ny 3 ara ho an'ny zana-trondro rehetra</p> <p>- Parcelle autour de 3 ares pour l'ensemble des alevins produits</p>
<p>Famindrana faharoa Deuxième transfert</p>	<p>Tsy ny fitomboan'ny zana-trondro haingana no tanjona eto fa ny hihazonana azy ireo ho salama tsara, hanomanana azy hisedra ny fanaparahana azy any amin'ny toeram-panalehibeazana azy</p> <p>Pendant cette période, on ne vise pas essentiellement une croissance rapide des alevins, mais plutôt leur maintien en bonne santé, en prévision de leur prochaine distribution en milieu rural</p>	<p>2 herinandro aorian'ny famindrana voalohany, ie 20-30 andro ny zana-trondro (mirefy eo @ 2-4sm eo)</p> <p>2 semaines après le premier transfert, c'est-à-dire des alevins âgés de 20 à 30j (taille de 2 à 4cm)</p>	<p>Manomana toerana famindrana faharoa @ fametrahana ny mololo herinandro mialoha. Manisy fanamasahana miandalana (ze-zika)</p> <p>Préparer une semaine en avance la parcelle de destination en mettant en place les pailles de riz ainsi que les fertilisants</p>	<p>- Raha akaiky : afaka ampanarahana ny rano tsimoramora ny zana-trondro</p> <p>- Si c'est proche : on peut faire circuler petit à petit les alevins avec le courant</p> <p>- Raha lavitra : Toy ny torolalana eo amin'ny famindrana voalohany. Ilaina ny fifaneraserana tsikelikely eo amin'ny rano itaterana ny zana-trondro sy ny hanabeazana azy eo am-pahatongavana na mitaky ora maromaro aza izany.</p> <p>- Si c'est loin : Même indication que celle du premier transfert. Il faut prendre le temps de tremper le sac ou le panier de transport dans l'eau de manière à ce que l'eau du sac sorte et l'eau de la rizière rentre, mais cela de façon très lente, après quelques heures le transfert est donc fini.</p> <p>- Toerana manodidina ny 6 ara ho an'ny zana-trondro rehetra</p> <p>- Parcelle autour de 6 ares pour l'ensemble des alevins produits</p>